REPOBLIKAN'i MADAGASIKARA

Tanindrazana – Fahafahana – Fandrosoana

NY FIADIDIN'NY REPOBLIKA

FANAMBARANA

Ny faha 25 janoary 2011 dia nametraka fitoriana miampy fangatahana onitra eo ampelatànan'ny Mpitsara mpanao famotorana zokiolona ao amin'ny tribonaly ambaratonga voalohany ao Antananarivo Andriamatoa Marc Ravalomanana, Filohan'ny Repoblikan'i Madagasikara, fitoriana mifandraika amin'ny tranga nisy teto amin'ny firenena ny volana marsa 2009.

Ny Jeneraly Noël Rakotonandrasana sy ireo mpiray tsikombakomba aminy no iantefan'io fitoriana io.

Napetraka izy io satria niaiky ny heloka nataony ny Jeneraly Noël Rakotonanadrasana tamin'ireo taratasy mitondra ny datin'ny 10 sy 15 janoary 2011, heloka mitsinjara toy izao :

- fiokona sy fanohintohinana mikendry ny handravàna na hanovàna ny Governemanta (and.87 ka hatramin'ny and.89 ao amin'ny fehezandalàna famaizana) ;
- fiokona, fanohintohinana ary asa samy hafa izay mitarika korontana ara-politika (and.91 ao amin'ny fehezandalàna famaizana) ;
- famatsiana fitaovam-piadiana nefa tsy nahazoana alàlana tamin'ny fahefàna mahefa (and.92 ao amin'ny fehezan-dalàna famaizana) ;
- fampiasana tsa ara-dalàna ny tafika (and.93 ao amin'ny fehezan-dalàna famaizana) ;
- fitariana andian'olona mpandroba (and.96 ao amin'ny fehezan-dalàna famaizana) ;
- fanararaotam-pahefàna (and.179.1 ao amin'ny fehezan-dalàna famaizana) ;
- fikambanan-jiolahy (and.265 ka hatramin'ny and.267 ao amin'ny fehezan-dalàna famaizana) ;
- fampihorohoroana (and.305 ao amin'ny fehezan-dalàna famaizana) ary
- fangalàna sonia ankeriny (and.400 ao amin'ny fehezan-dalàna famaizana)

Miteny ho azy ny fiaiken-keloka nataon'ny Jeneraly Noël Rakotonandrasana. Feno sy mazava tsara koa. Miendrika porofo tsy misy hisalasalana mampitombona sy manamarina ny heloka bevava notanterahiny tamin'ny taoana 2009 niaraka tamin'ireo mpiray tsikombakomba taminy koa izy ireo. Mivohitra mazava amin'izany fa ireo mpisandoka naka ny fintondràna, nanosihosy ny demokrasia, dia nanantotonsa na dia ny asa farany izay ratsy indrindra aza mba hanatanterahany ny heloka mahatsiravina niarahany nanao tamin'ireo miaramila sasantsasany tsy manana ny hasiny.

Ny fiaiken-keloka nataon'ny Jeneraly Noël Rakotonandrasana dia mifampitohy amin'ireo nataon'ny Lieutenant-colonel Charles Andrianasoavina sady manamafy izany. Ireo manamboninahitra roa ireo dia samy nandray anjara mavitrika tamin'ny tranga nisy teto amin'ny firenena ny volana marsa 2009, tranga izay nitarika fanongànana ny Fitondràna nivoaka avy amin'ny safidim-bahoaka ka nampitsangana Fitondràna tsy ara-dalàna izay ny Jeneraly Noël Rakotonandrasana no anisan'ny nitana andraikitra ambony dia ambony tao amin'ny naha Ministry ny Fiarovam-Pirenena azy.

Noho izany antony izany,Andriamatoa Marc Ravalomanana izay niaran'ireo heloka bevava ireo mivantana miaraka amin'ny vahoaka malagasy tsy vaky volo izay niharitra tsy fidiny ny fametrahana an'io Fitondràna tsy ara-dalàna io, dia mitory ary mangataka onitra amin'ny Jeneraly Noël Rakotonandrasana sy ny mpiray tsikombakomba aminy. Miavaka amin'ny fitoriana ny Lieutenant-colonel Charles Andrianasoavina sy ny mpiray tsikombakomba aminy ity fitoriana ity. Raha mitovy amin'ny ankapobeny anefa ny heloka hanenjehina an'ireo manamboninahitra roalahy dia tsy mba niaiky mihitsy kosa ny Jeneraly Noël Rakotonanadrasana fa nosandaina vola roapolo tapitrisa ariary ny fanaovany an'ireo.

Mino sy manantena Andriamatoa Marc Ravalomanana fa tsy hanaiky ho baikon'izao Fitondràna niorina teo ambony heloka sy rà latsaka izao ny Fitsaràna malagasy. Manainga ny vahoaka malagasy koa izy tsy hanaiky lembenana ary ny fianakaviambe iraisam-pirenena mba tsy hijery fotsiny izao fisehon-javatra izao.